

3 MESSAGES CLES

Salama daholo ry ambanilanitra

Isika rehetra samy finaritra

Mangata-dàlana re mba hiteny

Manao azafady aminareo zoky sy ray aman-dreny

Omena lalana ianao mba hiteny

Hanohy fanentanana efa natao ombieny ombieny

Isika vahoaka aoka hilamina tsara

Mihaino ny zavatra tiany hambara

Ny zavatra hambara ho fampahalalana

Dia mahakasika ny fahasalamana

Aretiman-doza, mampangery ampitsanganana

Ka mila sorohana ny aretimpivalanana

Ny fiparitahan'ny loto no tena fositra

Mahatonga ny aretimpivalanana tsy ho resy tosika

Ka ampahafantarina antsika mbola tsy mahay

Indrindra indrindra ny fiparitahan'ny tay

Rehefa fahavaratra mantsy mazàna

Entin'ny riaka ny tay eny ankalamanjàna

Mivarimbarina mikararanàna

Mamantana tonga hatrany ampatsakàna

Eo koa ireo lalitra mirenireny

Mitangorona mihitsy mankafy an'ireny

Avy eo misididina miriaria

Avy hatrany dia mamantana ambon'ny lovia

Izany ary ve dia tsy mba maharotitra antsika

Nefa efa tonga any am-bava ny malotontsika

Que la joie nous inonde

Je vous prie de m'excuser

et aussi de m'accorder votre attention s'il vous plaît

Nous vous donnons la parole

Pour continuer les sensibilisations

Chers auditeurs, soyons calme pour écouter

Tous ce qu'il a à nous partager

Ce que nous avons à vous partager

Concerne notre santé

Une maladie terrible, difficile à stopper

Il s'agit de la diarrhée, qu'il faut à tout prix éviter

L'éparpillement des saletés

Constitue la principale cause des diarrhées

A titre d'informations pour les ignorants

Surtout l'éparpillement des excréments

Généralement en période d'été,

Ils se font entraîner

Par le ruissellement des eaux de pluies

Et parvienne directement dans les puits

Il y a aussi les mouches,

Pour eux, c'est du vrai délice à savourer en troupe

Ils s'envolent, puis se dispersent

et atterrit dans les assiettes

Et tous ça nous est encore égal

Alors que nos saletés parviennent dans nos bouches

Mba atoroy anay ary ny tokony atao

Fa toa marina loatra ny voalazanao

Zavatra ratsy no niainanay

Loza! Marina mafy tsy efa nihinana tay

Fihetsika telo no mila atao

Ny fahazarana manasa ny tànanao

Avy milalao, alohan'ny sakafo aza adino ry neny

Indrindra indrindra rehefa avy mangery

Isika mantsy rehefa mifitra

Indraindray misy tay mipotsitra

Mety tsy ampoizina izany ry namana

Nefa atao ahoana fa nandray aloha ny tànana

Ka asiana savony dia kosehana tsara

Mba ho salama ny dimby sy fara

Ny tsy fisian'ny savony tsy atao sàkana

Fa mahasolo izany ny lavenom-patàna

Ny fiovampihetsika faharoa tadidio

Ny fisotroana rano madio

Mampangotraka rano, mampiasa sur'eau vao
misotro amin'ny kaopy

Na misotro amin'ny rano avy amin'ny paompy

Ny fahatelo tsy ho lava korana

Fadio ny mangery ankalamanjana

Tsy maninona ampahatsiahivina indray

Mampidi-doza ny fiparitahan'ny tay

Quelles sont donc vos recommandations

Puisque vous avez complètement raison

Peut être que nous avons malheureusement

Déjà avalé des excréments

Les 3 comportements à adopter sont :

L'habitude de se laver les mains

Après avoir joué, avant de manger

Surtout après avoir déféquer

En effet, quand on s'essuie

Il y a parfois des fuites inattendues

Ça peut nous arriver accidentellement

Et les mains sont en contact avec les excréments

Il faut alors bien broser et utiliser du savon

Pour assurer la santé des enfants

Aucun souci si vous n'avez pas de savon,

La cendre des foyers peut servir de substitution

Le second comportement à remémorer absolument

Faire de l'eau potable votre eau de boisson

Avant de boire, faites d'abord bouillir l'eau ou utiliser du sur'eau

Ou boire directement de l'eau du robinet

Et le troisième pour terminer

Les défécations à l'air libre sont à éviter

Je vous rappelle que c'est un danger inquiétant

L'épandage des excréments

Ka hevitra tsotra no atoro an'ise

Manamboara e dia mampiasà kabone

Raha izay fihetsika telo izay no vitanao

Dia ho lavitry ny fivalanana ny fiainanao

Anjaranao ary izao ny mampihatra

Fa ny nenina mantsy tsy aloha!

Fa aoriana mandàtsa

Misaotra anao mpanentana nampahalala

Mamporisika anay mba hadio sy ho salama

Ny fombatsika hatrizay ry vahoaka tena mila ovàna

Raha tiatsika hadio sy handroso ny tanàna

Ka ny fanapahan-kevitra raisintsika manomboka anio

Mampiasà kabone, manasà tàmàna, misotro rano madio

Alors voici ce que je vous préconise

Construis et utilise des latrines

Ces 3 recommandations, si vous arrivez à les respecter

Les diarrhées ne t'atteindront jamais

Votre rôle est maintenant de pratiquer

Pour ne pas avoir des regrets

Nous vous remercions de nous avoir informés

De nous sensibiliser sur l'hygiène et la santé

Chers auditeurs, il est temps de changer nos vieilles manières

Pour la propreté et le développement de notre village

A compter d'aujourd'hui, nous prenons les décisions

D'utiliser des latrines, de se laver les mains, et de boire de l'eau potable